

No. 29 – Septambra 2020

Jesoa Velona Ao Amin i Maria

Association Marie Reine des Coeurs



**GAMO –
VONDRONA AMIS DE MONTFORT**

**Covid-19:
Mompera Philip sy ny fotoana fihibohana**

« Mamindra fo sy miantra ny Tompo »

Pierrette MAIGNÉ

20 Septambra 2020

Alahady faha25 mandavan-taona – Taona A

Salamo 144 (145), 2-3, 8-9 , 17-18*R/ Eo akaikin'izay rehetra miantso Azy ny Tompo.*

Sitrako ny misaotra Anao isan'andro,
 Sy ny mankalaza ny Anaranao mandrakizay doria
 Lehibe ny Tompo ka mendrika ny fiderana rehetra;
 Ary tsy takatry ny saina ny fahalehibeazany.

Mamindra fo sy miantra ny Tompo,
 Ary mahari-po sy feno hatsaran-po
 Tsara fo amin'ny olona rehetra ny Tompo,
 Ary mihatra amin'ny zava-boahariny rehetra ny famindram-pony.

Marina amin'ny lalany rehetra ny Tompo
 Ary mamindra fo amin'ny asany rehetra.
 Eo akaikin'izay rehetra miantso Azy ny Tompo
 Dia izay rehetra miantso Azy amin'ny fony tokoa.

Ity salamo ny Alahady faha dimy amby roapolo mandavan-taona ity izay manolotra antsika andalana maromaro dia antsoina hoe salamo abidia, izany hoe Salamo fisaorana nohon'ny faneka-pihavanana nataon'Andriamanitra tamin'ny vahoakany. Salamo abidia izay isaky ny andininy manomboka amin'ny abidia jiosy, fomba entina hanehoana fa ny fiainantsika dia mihanoka tanteraka ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famindram-pony manomboka amin'ny litera A hatramin'ny litera Z (aleph hatramin'ny taw amin'ny teny jiosy). Isan'andro, mitanisa an'ity salamo ity ireo rahalahintsika Jiosy mandritra ny vavaka maraina. Antsa ho an'ny voninahitra'Andriamanitra sy ny fahatsaram-pony.



“” Isan'andro, mitanisa an'ity salamo ity ireo rahalahintsika Jiosy mandritra ny vavaka maraina.

Tena fanasana hidera An'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra, mandrakizay sy mandrakizay, satria ny fahalehibeazan'Andriamanitra tsy misy fetra, tsara fo amin'ny olona rehetra Izy, marina sy tsy mivadika amin'ny zava-drehetra Izy. Afaka manontany tena isika hoe : feno fiderana ve ny vavaka ataontsika, tsapantsika ve ny fahasoavana avy amin'Andriamanitra ?

Mamindra fo sy miantra ny Tompo, mampatsiahy antsika ny fomba nanehoan'Andriamanitra ny Anarany tamin'I Moizy teny amin'ny tendrombohitr'I Sinaia tao aorinan'ny zanak'omby vita tamin'ny volamena. Eny lehibe Andriamanitra, ny halehibean'ny Fitiavany sy Famindram-pony no hanehoany ny famelany heloka. Ho an'ireo vahoaka izay tsy nanaja ny fanekem-pihavanana, Andriamanitra mamaly azy amin'ny tsy fivadihana sy famelan-keloka. Tahak'izay isika rehetra, ka nahoana ary no tsy hitsahatra hidera Azy sy hanome voninahitra Azy!

“” Afaka manontany tena isika hoe : feno fiderana ve ny vavaka ataontsika, tsapantsika ve ny fahasoavana avy amin'Andriamanitra ?



Akaiky izay rehetra miantso Azy ny Tompo: tsy lavitra, tsy mafy fo ary tsy miraharaha Andriamanitra, fa akaiky sy mangoraka Izy, Mpamonjy ny vahoakany Izy, ireo mpanara dia Azy mandalo fitsapana, toy izay niseho nandritra ny Eksaody, fandalovana ny tany maina nialohan'ny fidirana tao amin'ny tany nampanantenaina, ary nandritra ny tantara mihintsy. Andriamanitra dia Andriamanitra miaraka antsika : Emanoela.

Isika koa hihira, hidera ary hanome voninahitra Azy araky ny fanasan'ny salamo antsika Hidera ny Tompo ny vavako ! Masina ny anarany ary ny nofo rehetra hidera Azy mandrakizay!

Nahoana no tsy hitanisa ny salamo iray manontolo isika amin'izao fotoana hiverenana amin'ny fiainana andavanan'andro izao, manampy antsika hiaina anaty fiderana sy hametraka ity taona vaovao ity eo amban'ny fanirantsika hanaiky ny tsy fivadian'Andriamanitra ary ny faniriany hiainantsika ny Fanekena nataony izay fiainana sy hasambarana. ■

“” Tsy lavitra, tsy mafy fo ary tsy miraharaha Andriamanitra, fa akaiky sy mangoraka Izy, Mpamonjy ny vahoakany Izy, ireo mpanara dia Azy mandalo fitsapana



Covid-19: Mompera Philip sy ny fotoana fihibohana

Dola Dhanush



Mompera Philip Arockiaraj (44 taona) izay miandraikitra ny Parosin'ny Megamalai, Tamilnadu any Inde dia Misionera Montfortana mpamorona. Ho azy, ny fotoana fihibohana vokatrin'ny valan'aretina covid-19 dia fotoana tsara hanatanterahana karazana asa maro mahaso, tsy ho an'ny tena ihany fa indrindra ihany koa ho an'ny olona rehetra izay karakarainy.





Raha tsy hitanisa afa-tsy karazan'asa vitsivitsy nataony, ohatra, dia nohararaotiny ity fotoana ahafahana mihiboka ity mba hivavahany tsy tapaka amin'ny ora mitovy eo anatrehan'ny Sakramenta Masina. Tamin'ny alalan'ny vavaka nataony, tsapan'i Philip tao am-pony ny fampaherezana ataon'i Jesoa Tompo azy ho tonga feon'ireo tsy afa-miteny, ho fanasitranana ary ho mpiaro ireo rehetra maratran'ny fiainana.



Faharoa, nandika ny Bokin'i Masindahy Louis Marie de Montfort « Tena fitiavana amam-panajana an'i Virjiny Masina » amin'ny teny Tamoul izy. Amin'io lafiny io, Philip dia tsy maintsy nanangona tetsy sy teroa ireo voambolana sasantsasany fampiasan'i Montfort tamin'ny asorany mba hahitany ny tena dikany marina: ohatra, ireto teny ireto "voaraby, mpivadi-bolana, mpampisaraka, voalahatra...". Noho io antony io dia tsy maintsy nijery ireo fandikan-teny misy ao Tamoul izay nomen'ireo lahika sasany izay mipetraka ao Tamilnadu izy, izy ireo izay mavitrika amin'ny fampielezana ny fampianarana ara-panahin'i Montfort.



Fahatelo, namorona tononkira miisa 16 i Philip, isan'izany ireo tononkira natokana ho an'ny Noely amin'ity taona ity. Izy tenany ihany koa dia namokatra hira ara-panahy marobe voarakitra amin'ny kapila mangirana ary naporitaka amin'ireo vondron'olona Kristiana, indrindra amin'ireo izay miteny Tamoul.





Fahaefatra, Philip no mandrindra ireo karazan'asa fanampiana natokana ho an'ireo fianakaviana izay mila ireo filàna fototra amin'izao fotoan-tsarotra izao. Ataony izany ao amin'ny Paroasy iandraiketany, ary tsy ao irery ihany fa ihany koa ao amin'ny Paroasin'ny Kadamalai Kundu, izay ao anatin'ny faritry ny iraka nankinina amin'ireo Zezoita.

Mba ahafahana manao izany dia nahazo fanampiana avy amin'ny Arsidiiozezin'ny Madurai sy ireo fikambanana lahika samihafa I Philip, isan'izany ilay fikambanana tarihan'I M. Venkadesh avy ao Kadamalai Jundu Theni. Noho ny fanampian'izy ireo, dia afaka nizara vary 10 kilao sy vokatry maro isan-karazany ho an'ireo olona marefo I Philip: dia ireo olona tratan'ny fahatapahana lalan-dra any amin'ny ati-doha, ireo sembana ara-tsaina, ny marenina, ireo zokiolona, ireo manana fahasembanana ara-batana sy ara-tsaina izay tena mila izany fanampiana izany.

Misy fomba anankiroa no nizarana ireo filàna fototra ireo: tonga any amin'ny Paroasy ny mponina amin'ny fotoana nifanomezana na Philip no tonga mitsidika ny tokantran'ireo mponina izay efa voasoratra anarana tokony hahazo ny tombotsoa.

Raha ny tena izy dia mbola mila ny fanampiana hatrany ireo olona ireo ka nanohy ny fitadiavana ireo mpanao asa soa vonona hamonjy sy hanome izay kely ananany ho an'ireo olona izay tena sahirana I Philip.

Noho izany, ny sasany amin'ireo asa ireo dia "anatin'ny" ary ny sasany "ivelany"; ny sasany "manokana" na "ara-tsosialy"; ny sasany "ara-panahy", na "ara-java-kanto" na "asa fiantrana"; ny sasany "mitsangana", ny hafa kosa "mitsivalana". Tsy misy zavatra tsy hay atao. Enga anie ho loharano hitondra aingam-panahy ho an'ny hafa izany! ■

“” Raha ny tena izy dia mbola mila ny fanampiana hatrany ireo olona ireo ka nanohy ny fitadiavana ireo mpanao asa soa vonona hamonjy sy hanome izay kely ananany ho an'ireo olona izay tena sahirana I Philip.



“” Noho izany, ny sasany amin'ireo asa ireo dia “anatiny” ary ny sasany “ivelany”; ny sasany “manokana” na “ara-tsosialy”; ny sasany “ara-panahy”, na “ara-java-kanto” na “asa fiantrana”; ny sasany “mitsangana”, ny hafa kosa “mitsivalana”. Tsy misy zavatra tsy hay atao. Enga anie ho loharano hitondra aingam-panahy ho an'ny hafa izany!



MEGAMALAI, TAMILNADU

GAMO – VONDRONA AMIS DE MONTFORT

Iraka iray, fianakaviana iray !

Avy amin'ireo Ekipa Mpanolo-tsain'ny GAMO



Ny Vondrona Amis de Montfort – GAMO – dia firaisan'ny mpino, ny vahoakan'Andriamanitra izay miray ho toy ny Fiangonana mba hivelona sy hizara ny Fitiavan'i Jesoa Fahendrena Mandrakizay sy Tonga Nofo, araka ny aim-panahy sy ny fampianaran'i Masindahy Louis Marie Grignon de Montfort.

El GAMO mikatsaka fahalalana momba ny Fahendrena Mandrakizay sy Tonga Nofo amin'ny alalan'ny FAMPIHARANA ny Vavaka amin-kitsimpo, ary ihany koa amin'ny fandalinana ireo asatoratra ara-panahy Montfortana, amin'ny alalan'ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra, ny fandalinana ireo asa nataon'i Montfort, ny famakiana ny tantaram-piainan'i Masindahy Louis sy ny Olontsambatra Marie Louise Trichet, ny fanampiana sy ny boky kely avy amin'ny Fandrindrana Latino-Américaine (COORLAC) ary, ho fanampin'izay, ireo fitaovana isan-karazany izay mampitombo fahalalana sy manofana ny Kristiana, amin'ny lafiny ara-tsosialy sy maha-olona ao amin'ny Vondrona.

“” El GAMO
mikatsaka
fahalalana momba
ny Fahendrena
Mandrakizay sy
Tonga Nofo amin'ny
alalan'ny
FAMPIHARANA ny
Vavaka amin-
kitsimpo...

Ny fivoriana voalohan'ny GAMO dia natao tao amin'ny tananan'ny Passos – MG, ny taona 1995. Fiandohan'ny rohy tena tsara indrindra teo amin'ny fianakaviambe Montfortana tany Brésil izany. Ankehitriny, miisa 8 ny GAMOS, izay mitsinjara amina fanjakana telo ao Brésil, dia ny ao Minas Gerais, São Paulo ary Rio de Janeiro.

Ny GAMO dia niforona avy amin'ny fiombonan'ireo Fianakaviambe Montfortana, izany hoe, ny Compagnie de Marie (Ireo Misionera Montfortana), ny Frère-n'ny Masindahy Gabriely ary ny Lahika Montfortana.



Ny tanjon'ny fivoriana sy ny asa rehetra tanterahin'ny GAMO dia: hikatsaka fahalalana sy ny traikefa ara-panahy Montfortana, mifototra amin'ny misterin'ny Fahatongavana ho Nofon'ny Fahendrena Mandrakizay tao an-kibon'I Maria Virjiny; mampiroborobo ny fihaonana manokana amin'I Jesoa Kristy, Ilay Fahendrena Mandrakizay sy Tonga Nofo; manome lanja ny Sakramentan'ny Batemy; mampiray sy mampitombo ny traikefam-pirahalahan'ireo mpandray anjara; manentana ny vondrom-piarahamonina manoloana ny iraka maika mahakasika ny zava-misy eo an-toerana; mamantatra sy maneho ny tolo-kevitra ny Fikambanana, ho amin'I Jesoa amin'ny alalan'I Maria, amin'ny fampiasana ny fomban'I Masindahy Louis avy any Montfort.

“” Ny tanjon'ny fivoriana sy ny asa rehetra tanterahin'ny GAMO dia: hikatsaka fahalalana sy ny traikefa ara-panahy Montfortana ...



Ireo hetsika ireo dia volavolaina miaraka mandritra ny fivoriana isan-taona ataon'ireo Mpandrindra ny Gamo, ny fivoriana ho an'ireo mpikambana vaovao, ireo samy GAMOS, ny laretirety mikasika an'I Masina Maria, ny fivahinianana Masina any amin'ireo toerana natokana hanajana an'I Masina Maria, ny asa fitoriana Montfortana, ny fihaonana Latino-Américaine sy ny Karaiba ara-panahy Montfortana ary indrindra ny fihaonam-be eo an-toerana izay isany mihazona sy mampiroborobo ny fitohizan'asa rehetra an'ny Vondrona tsirairay.





Fety izy ity!

Amin'ity taona 2020 ity, mankalaza ny jobily volafotsy ny GAMO: 25 taona nifampizarana sy finoana amin'ny maha-Fianakaviana Montfortana izay mitohy mandrak'ankehitriny manaraka ny dian'i Masindahy Louis avy any Montfort amin'ny fanambaràna amin'ny Fikambanana sy ny Vondrona, ny lanja sy ny dikan'ny Misterin'ny Fahatongavana ho Nofon'i Jesoa Kristy, Fahendrena Mandrakizay sy tonga Nofo.

Ny Vondrona Amis de Montfort – GAMO – ankehitriny dia toy ny endri-pamantarana iray ao amin'ny vondrom-piarahamonina, ny fahaiza-manaon'i Mompera avy any Montfort, taorian'ny 300 taona ny fitsanganany ho velona, mba hampiray kokoa ny vondrom-piarahamonina sy ny olon-drehetra, miova fo nohon'ny Evanjely, maneho ny fisian'i Maria Virjiny eo amin'ny fiainana maha-Kristiana ary mampahatsiahy ny antso manokana miantefa amin'ny mpikambana tsirairay amin'ny alalan'ny fanekena ny Batemy noraisiny.

“” Ny Vondrona Amis de Montfort – GAMO – ankehitriny dia toy ny endri-pamantarana iray ao amin'ny vondrom-piarahamonina...

Ny Vondrona Amis de Montfort dia mahatsiaro, an'ireo hatsaram-panahy be dia be izay nananan'i Masindahy Louis, ny fahaizany mampiray ny olona rehetra amin'ny fatorana lalina sy tsara izay mitranga amin'ny alalan'ny fisakaizana. Montfort dia sakaizan'i Jesoa Fahendren'Andriamanitra sy Tonga Nofo, ary sakaizan'ny olona rehetra koa izy, ny mahantra sy ireo sahirana indrindra.

Amin'ny samy GAMOS dia asongadinay ny Vondrona Passos – MG, izay hatramin'ny taona 1995, dia nanatanteraka sy manana traikefa tsara sady mavitrika amin'ny asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly.

Ny GAMO Passos dia ahitana Mpikambana telopolo izay mivory tsy tapaka isaky ny Zoma fahatelo amin'ny Volana ao amin'ny Paroasin'ny Masindahy Louis Marie avy any Montfort, dia ny vondrom-piarahamonina eo an-toerana miaraka amin'ny mpikambana tsirairay avy.

Ny drafitr'asa dia nalamina sy novolavolaina miaraka amin'ny mpikambana tsirairay anaty Vondrona, toy ny: Vavaka Raozery ao amin'ny fianakaviana, ny fitsidian'ny misionera, ny fanatanterahana asa fiantrana, ny fandraisana anjara amin'ny herinandron'ny fianakaviana amin'ny alalan'ny hasivian'andro miaraka amin'ny Olomasina Mpiaro ary ihany koa ny fandalinana ny boky kely, ny fanampiana sy ny fiainana ary ny asa nataon'i Montfort.

Raha ny vokatra tsaran'ity Vondrona izay toy ny tany lonaka sy voa tsara ity, dia misy ihany koa, nanomboka ny taona 2012, ny Tanora GAMO izay ivondronan'ireo ankizy sy tanora ihany, miara-mifaly sy manam-piniavana mba hanentana ny Litorjian'ny Fikambanana hirindra dia ny "Fon'i Masindahy Louis", mba hampielly sy hanome lanja an'ireo soa toavina Montfortana eo amin'ny Fianakaviana sy ny Fikambanana.

**Ho an'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria!
Andriamanitra Irery. ■**



Tononkira 25

Ny hanitra tsaran'ny
fanetren-tena

Tononkira faha-20, andininy miisa 40



“” Banjino ao amin'ny Tompontsika
Ny fahatsorany sy ny halemem-panahiny (C 25,5)



Teboka 1 : ny fahalavorariany

1. Jereo anie ity endrika sy ireto maso
Malefaka ery, mahitsy ery, miramirana ery,
Izany no hatsaram-panahy atao hoe Fanetren-tena ;
Ireo no fiboiboika
An'ireo hatsararam-panahy manenika ny fanahy
Sy ny voninahiny avy ao anaty.

2. Ny fanetren-tena no fandravahana
Sy fisalorana tena mendrika
Ananan'ny hatsaram-panahy tsara indrindra ;
Izy no hatsaram-panahin'ireo lavorary,
Izay, tsy amin'ady na heloka,
Feno halemem-panahy sy fiadanana.

3. Anisan'ireo vokatry ny Fanahy Masina izy,
Araka ny nosoratan'ilay Apostôly lehibe hoe :
« Raha mitoetra ao amin'ny fanahy iray ny Fanahy
Masina,
Dia ataony mitselatra eo amin'ny vatana
Ireo taratry ny lelan'afony malefaka,
Avy ao anaty izy no miseho ety ivelany ».

4. Manetre tena eo manoloana ny rehetra,
Akaiky anareo ny Tompo ;
Mahalala ny zava-drehetra izy avy amin'ny
fahazavany,
Tsy misy azo afenina eo anatrehany
Ankehitriny dia mandray anareo izy,
Mba tsotra sy tsy manan-pahotana.

5. Banjino ao amin'ny Tompontsika
Ny fahatsorany sy ny halemem-panahiny :
Izy no fitaovam-piadiany manjopiaka
Izay nambabo teo am-pisehoana,
Izy no vava niteny nandresy lahatra
Izay nahatarika tamin'ny fahanginany.

6. Nanana ilay fahazavana masina izy
Amin'ny heriny tena lafatra,
Tsara tokoa ny fahatsorany,
Hany ka nahazatra an'i Masindahy Paoly
Ny nitory teny sy nitalaho tamin'ny alàlany
Ary nandresy lahatra tamin-kery tokoa.

7. Ireo mpampijaly azy, na tezitra aza,
Nanarona ny tarehiny sy ny masonry,
Amim-panahiana ny hanaiky noho ny angolany,
Amim-panahiana fa ny endriny hendry sy malefaka
Dia mety hanalefaka ny fiambenany,
Na eo aza ny haromontany sy ny hatezerany.

8. Fantantsika fa ny Mpanjakavavin'ny lanitra,
Fony izy mbola tety an-tany,
Dia hendry sy nanetry tena tokoa,
Koa na iza na iza nibanjina azy
Dia nahatsapa ilay lelan'afo avy any an-danitra
Izay hiredaredan' ny fony ny ao anatin'ny.

9. Ilay olomasin-dehibe Denis dia nanome toky
Fa rehefa nandray azy izy,
Dia ravoravo ny fanahiny,
Ary raha tsy nahalala ny marina izy,
Dia nino azy ihany tamin'ity fiainana ity
Ho nanana fahamasinana lehibe.



10. Avy amin'ity hatsaram-panahy no
ananan'ireo olomasina
Tsy amim-piarovana, eo am-pahalavoana
Tsy am-panaovana herisetra,
Tsy amin-korontana sy tabataba ary horakoraka :
Ny fanetren-tenany sy ny fahanginany
Dia naharavo mora foana ireo fo.

11. Izany fahatsorana amin'ny toeran-drehetra izany,
Izay lehibe sy manan-karena tokoa an'Andriamanitra,
Dia mametraka ao am-po, hoy ny olon-kendry,
Ny fatahorana sy ny fitiavana ny Tompo,
Ny voninahitra, ny fiainana sy ny antoka
Ary ny tokin'ny fahasambarana.



12. Ny olona manetry tena dia mpandresy,
Ny fanetren-tenany dia hanitra
Izay miteny mihoatra ny vavany.
O ! ilay mpitory teny mambabo
Izay, am-pahanginana ihany, dia miteny sy manohina
Ny maso sy ny fon'ny mpihaino !

13. Mba hitanareo ve ilay olomasin-dehibe François,
Mba hitoriany teny tamin'ny feo avo,
Dia niseho fotsiny no nataony ?
Nivoaka izy, hitan'ny olona, dia nambabo,
Amim-pahamasinana no nanaovana ny tenany
Ho tompon'ireo fo tamim-pahanginana.

14. Raha tsy manana azy dia sasa-poana izay ataontsika
Hanamasinana ny mpiara-belona,
Ary, araka ny mahazatra antsika ny mino azy
Kely kokoa amin'ny sofina noho ny amin'ny maso,
Ilaina ny fanetren-tena
Mba hanadratana ireo fo any an-danitra.

15. Matetika, eo am-piheverana hanasitrana izay
marary,
Dia mitarika fahafaham-baraka
Noho ny tsy fananana fanetren-tena,
Na dia ny fahamasinana aza no toriana ;
Raha tsy mitondra ho amin'ny tsara ny ety ivelany,
Dia ho very ny hasasarantsika, ao amin'ny marina.

16. Fahazavana mampianatra antsika izy,
Fonosana mitahiry ny voankazo,
Loko tsara maneho
Fa salama tsara ny fanahy.
Izy no fanondrom-pamantaran'andro,
Mampiseho amin'ny alàlany ny hatsaram-panahy.

17. Foana ny amintsika raha tsy manana azy
Ary ilay fo mahantra
Dia voakapoky ny zava-poana an'arivony,
Fefim-pahamasinana izy
Ka ao ireo fanahy izay tsy mivadika
No mitahiry ny fahadiovana.

18. An'ny olom-boafidy izy,
Ilay fahazavana izay mandravaka azy
Amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina izay manentana azy ;
Matetika ilay olom-bery, faly
Dia toa jejo amin'ny heloka
Misoratra amin'ny handriny sy eo amin'ny masony.



« »

*Ny olona manetry tena dia
mpandresy,
Ny fanetren-tenany dia hanitra
Izay miteny mihoatra ny vavany.
C 25,12*

Teboka faha 2 : Ireo hatsaran'ny fanetren-tena

19. Fa inona avy ireo hatsaràny ?

Holazaiko anareo fa henoy :

Izany hatsaram-panahy tsy takatry ny saina izany
Dia tsy mikatsaka afa-tsy ny hahafinaritra ny Tompo,
Satria ny fahendrena voajanahary
Dia tsy voarefy eo anatrehan'Andriamanitra.

20. Na eny amin'ny rivotra na ao amin'ny fitandrovana,

Na ao amin'ny endrika na ny fikolokoloana,

Dia mitondra amin'ny tsara,

Ary tsy misy hosokosoka izany,

Malefaka ery sy malemy fanahy

Ary tsy misy fahalotoana velilvely.

21. Eny rehetra eny, ny lehilahy tena lavorary

Dia manetry tena, na ao amin'ny mangingina aza,

Satria ao Andriamanitra no mijery azy ;

Misintaka ireo famalifalian-tena tsy amin'antony izy

Mitandrina sy mamehy tena

Amin'ny toeran-drehetra sy amin'ny fotoana rehetra.

22. Ny lehilahy hendry dia manan'endrika tony tokoa,

Milamina avokoa ny ao aminy rehetra,

Ny famindrany, ny fihetsiny, ny fiteniny,

Ny tenany manontolo sy ny fitiafiany,

Toa tsy mba ahatsapana tsy fahamendrehana ao aminy,

Eny fa na ny iray amin'ireo fitsikiany aza.



Teboka faha 3 : Ireo fanazarana ho amin'ny fahatsorana

23. Ry olom-boafidy, aoka isika hanaraka,

An'ireo hevitra azontsika,

Tamin'ireo olon-dehibe sy masina,

Raha toa isika ka tsy manam-pahaizana,

Aleo mba ho olon-kendry fara-faharatsiny

Amin'ny fitandremana ireto torohevitra ireto :

24. Manàna fijery malefaka sy falifaly,

Tsy mba manambony tena na miavona ;

Aza mamindra mianjon-doha

Amim-piavonavonana, amin-kambo,

Fa ataovy mahitsy izy, somary mitanondrika,

Kanefa tsy ahodina mianilana.

25. Mba maotona rehefa manisina,

Ary na rehefa mikohaka aza, rehefa mandrora ;

Ny misioka dia toa tena sangisangy,

Mihomeheza kely, fa tsy mikakakaka,

Aza mba miketrana mihintsy,

Ary miezaha ny tsy hihaotra-tena.

26. Aza dia maotona loatra,

Fa manàna endrika matotra sy ravoravo,

Manàna endrika miantra

Tsy entitra sy tsy mieboebo,

Tsy misy hafetsena sy fiatsarambelatsihy,

Fa feno halemem-panahy, feno hatsaram-panahy.

27. Amin'ny fotoan-drehetra,

Aza be fihetsiketsehana toa an'ireny adala ;

Aoka ny tãnanareo hahitsy tsara,

Tsy atao velilvely eo amin-kiho,

Ary ankavitsiana no ametrahana azy any an-kafa

Raha tsy efa misy ilàna izany.

28. Mahavara mijoro mahitsy

Ary aza miondrika tsy am-pamendrehana,

Aza mipetraka mampifanaingin-tongotra mihintsy

Tahaka ny ataon'ireny mpiavonavona ireny,

Fa apetraho moramora,

Dia aza veratina tahaka ny ataon'ny kamo.



“” Aza be resaka, na koa tsy dia miteny,
Fa samy tsy tian'Andriamanitra ireo (C25,29)

29. Aza be resaka, na koa tsy dia miteny,
Fa samy tsy tian'Andriamanitra ireo.

Aza manapaka fitenenana ny hafa mandrakariva ;
Mihainoa alohan'ny hamaliana.
Mitenena amin'ny fomba tsara,
Kanefa, mandiniha alohan'ny hitenenana.

30. Fadio ny miteny mora loatra.

Fa aza mikiakiaka koa anefa ;
Aza miteny toy ny fitenin'ny tompolahy,
Izay manao teny tsy valiana sy feno fankahalàna ;
Aza miteny toy ny fitenin'ny mpiambina eny an-
tsaha,
Izay maneho fahalainana sy ferinaina.

31. Avelao eo izay famalifalian-tena,
Ireo fihomehezana sy hadalàna,
Ireo fieboeboana sy zava-poana
Izay mandoto ny sofina sy ny fo,
Sy ireo karazam-baovao an'arivony
Izay aparitaky ny tontolo mpamitaka itony.

32. Mba ho lehilahy lavorary,
Dia aoka ianao ho marenina sy jamba ary moana
Amin'ireo kivazivazy madinika,
Izay natao ho an'ny ankizy sy ny tsy manan-tsaina ;
Aoka ianareo tsy hanana ho azy ireny, toa an'ireo olon-
kendry,
Afa-tsy fankahalàna sy fahalainana.

33. Mitenena am-pahatsorana,
Tsy amin-kafetsena na am-pieboeboana ;
Amin'ny fanehoanareo hevitra, mba maotona
Aza manolotra azy ireny an-kasahiana loatra ;
Fa maneke mora rehefa toherina ianareo,
Mba handresenareo azy am-pamendrehana.

34. Mba maotona amin'ny lamba fitafianareo,
Aoka tsy ho lafo vidy loatra izy ;
Aza mila ireny lamba dantely ireny,
Ny lamba manjelanjelatra sy mihaja,
Ny rivo-baovao sy lamaody vaovao ireny
Izay hita amin'ny fomba fitafian'ireo olon'izao tontolo izao.



35. Mandehana milamina,
 Raha tsy hoe angaha te hisoroka
 Loza manambana izay mety hanery anareo :
 Mandehana tsy misy haitraitra,
 Tsy misy hakamoana na hakingana
 Ary indrindra tsy amim-pelipelehana.

36. Torio eny rehetra eny ny fanetren-tena,
 Ny fahendrena sy ny fahamasinana ;
 Raha mandeha ny an-tanàn-dehibe ianareo,
 Alaviro ny fitsikiana sy ny lalaon-jaza,
 Ireo famalifalian-tena tsy ilaina
 Sy ireo karazan-javatra maro tsy amin'antony.

“” Mba maotona
 amin'ireo sakafonareo.
 C 25,38



37. Ny fahendrena sy ny fahadiovana
No fo roa an'ny fahamasinana
Izay mifanampy eny ;
Alavriro ary izany ny fahalotoana,
Manatsatso ny fanetren-tena izany,
Fa alaviro koa ny madio misy hosokosoka.

38. Mba maotona amin'ireo sakafonareo,
Mihinàna tsy amim-pifidianana ny ao anaty vilia
fandrosoana azy,
Mihinàna tsy amim-pitarainana sy monomonona
Ary tsy amim-pahamaikana,
Mipetraha mahitsy tsara
Ary aza dia miresaka mandritra izany.

39. Mba vontom-pinoana,
Feno fanajana sy fitiavana manokana
Ary fanetren-tena ho an'ny fiangonana ;
Ny endrika tony sy malefaka,
Ny loha somary miondrika sy manoa,
Miezaha mandohalika raha mivavaka ao.

40. Manoloana ny Sakramenta Masina,
Miankohofa lalina tokoa
Ary aza miloa-bava,
Raha tsy ilaina izany,
Aza manao fihetsika tsy mendrika
Eo anatrehan'ilay Andriamanitra fiandrianana.

ANDRIAMANITRA IRERY. ■



Bulletin Mensuel de Formation et d'Information



MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ;

Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE

E-mail: rcordium@gmail.com;

<http://www.montfortian.info/amqah/>